

# NY FIOMPIANA BITRO

## I. TENY FANOLORANA

Ny bitro izay mitondra anarana siantifika “*Oryctolagus cuniculus*” dia biby fiompy madinika mandady mora ompiana sy mora manaranaka. In- telo na in’efatra bevohoka ao anatin’ny herintaona ary mahatratra telo ka hatramin’ny folo isaky ny mitondra vohoka.. Manampy betsaka amin’ny tsy fahampian-kena aty amin’ny tany an-dalam-pandrosoana ny bitro. Anisan’ny karazam-biby manome hena betsaka amin’ny fotoana fohy satria mahatratra roa ka hatramin’ny enina kilao eo ho eo ny lanjany ary ny bitro iray dia miteraka eo amin’ny 40 isan-taona izay manome hena 50 ka hatramin’ny 60 kilao no mihoatra isan-taona. Tsy mila volabe eo am-panombohana ny fiompiana azy.



Azo ampiasaina daholo ny zavatra azo avy amin’ny bitro:

- Esorina ny hodiny dia amainina sy karakaraina ary azo atao zavatra hafa
- Ny nofony dia sakafo tena matsiro
- Ny malotony mifangaro amin’ny amaniny rehefa maina dia azo ampiasaina ho zezika ( 10 kg isaky ny bitro isan-taona)
- Misy ireo bitro karazany kely (3 kilao) ohatra ”fauve de Bourgogne“mora mitombo “bleu ou blanc de Vendée”mora miteraka haingana , ao ireo karazany atoniny (3 – 5 kilao) ohatra “blanc de Bouscat “ ary ireo karazany lehibe (5 – 7 kilao) ohatra “géant des flandres “.

### 1.1. Ny otrik’aina azo avy amin’ny henam-bitro 100 g

- Proteina « Protéines » (g)	18,1 - 21,9
- Menaka « Lipides » (g)	4,3 - 12,2
- Rano(g)	67 - 73
- Ny hery entiny « Apport énergétique »	160 - 220 k kaloria 670 - 920 kJoules

**Ouhayoun et Delmas, 1986**

### 1.2. Ny toetany

Tia ny toe-tany mangatsiaka na ny hatsiaka izy fa tsy mahazaka hafanana sy hamandoana ary ny fiovan’ny hafanana sy ny tso-drivotra tampoka.

## II. NY FAMPANARAHANA

Ny mampiavaka azy dia :

- Afaka miteraka rehefa feno 5 -10 volana ny vavy ary ny lahy manomboka 6 volana Bitro vavy 10 – 12 no azo ampanarahana bitro lahy iray. Entina ao amin'ny tranon'ny bitro lahy ny bitro vavy.
- Rehefa misy lahy dia mety foana ny fampanarahana “ ovulation provoquée “
- 30 – 32 andro ny fitondrana vohoka
- Isan'ny zanaka bitro teraka indray mandeha : 3 – 10 ; 5 – 7 eo ho eo ny aty amin'ny tany mafana toa an'i Madagasikara
- Fampinonoana mandritry 8 herinandro : 3 herinandro voalohany nonon-dreniny ihany, mihinan-kanina kely sady minono rehefa mandray 4 herinandro ; misara-nono ho azy eo amin'ny 7 – 8 herinandro.
- Azo averina ampanarahana indray eo amin'ny 10 – 12 andro aorinan'ny fiterahany na rehefa misara-nono tanteraka ny zanany
- Atokana toerana ireo izay avy nisara-nono mba hampatavy azy
- Afaka miteraka mandritry ny 1 - 2 taona ny bitro vavy iray
- Atokana toerana ny bitro lahy izay tsy mivositra

### Ny zavatra tandremana

Arovana amin'ny alika, ny saka, ny bibilava, ny voalavo, sns..., ny bitro.  
Arovana amin'ny masoandro sy ny hafanana ny bitro, atao izay isian'ny rivotra tafiditra ao amin'ny tranony nefa tsy rivotra mifampihaona “ courants d'air forts”.

## III. NY SAKAFONY

Misakafo eo amin'ny 20 na 30 isan'andro, indrindra fa ny alina ny bitro.

Ny habetsahan'ny sakafo haniny isan'andro dia :

- 150 g – 350 g isaky ny bitro arakaraka ny fotoana itomboany
- 100 g – 120 g isaky ny zana-bitro

Mahery misotro rano ny bitro indrindra fa ireo mampinono mba hitomboan'ny zanany.

Raha ravin-javatra maitso no hanin'ny bitro dia rano kely ihany no sotroiny. Rehefa mihinana zavatra maina toy ny vilona maina, na zavatra misy voany na potipotika hanina toy ny koba, ny bitro tanora mbola mitombo dia tokony misotro in- 1,5 na 2 avo heny ny habetsahan'ny sakafo maina haniny, ary ny bitro vavy misotro in- 2 na 2,5 avo heny ny habetsahan'ny sakafo haniny. Tokony hadio tsara ny rano sotroiny, raha maloto dia tsy sotroiny. Noho izany mila rano :

- 0,2 - 0,3 litatra isaky ny bitro mitombo
- 0,6 - 0,7 litatra isaky ny bitro mampinono
- 1 litatra mahery isan'andro ho an'ny bitro bevohoka sy ny bitro herinandro alohan'ny fampisaraha-nono.

Tsy tokony ho tapaka rano sy sakafo ny ao amin'ny tranon'ny bitro.

**Fisafidianana ny sakafony :** Ny sakafo omena azy dia arakaraky ny fomba fiompiana izay tiana.

### 3.1. Fiompiana tsotra

Raha vitsy ny bitro ompiana dia afaka mampiasa vilona fihinany "fourrages", ireo fakon-tsakafo "déchets domestiques", ireo sisan'ny fiotazana eny an-tsaha sy eny an-jaridaina "résidus des récoltes". Mety tsy tena ampy tsara ny tokony ilainy nefa tsy mahabe masonkarena.

Ny vilona dia ireo ahitra sy ravimaitso azo ampiasaina ho sakafony. Mpihinana zava-maitso ny bitro "herbivore".

Ireto misy zava-maitso fihinan'ny bitro:

- ana- madinika sy anatsinahy (*Tridax procumbens*)
- ravina « palmier » (*Elaeis guineensis*)
- tsaramaso dia (*Centrosema pubescens*)
- ravim-bomanga maniry anaty rano (*Ipomoea aquatica*)
- ravim-bomanga (*Ipomoea batatas*)
- sns .....

Tsy ampy anefa ny bozaka na zava-maitso na dia betsaka aza, fa tokony hampiana fanampin-tsakafo.

Ireto avy ireo:

- Zavatra omena irery na mifangaro: vovo-katsaka, ambin-tsakafo an-dakozia, voan-katsaka na ampemba, ireny raviny tsy ampiasaina amin'ny laisoa na odin-karaoty, apombom-barimbazaha, ampombom-bary, taoritao sns....
- Praovandy na sakafo mifangaro. Vovony na vovony mivaingana kely "granulés", fa ny faharoa no tena tsara.

Azo atao koa ny mampiasa akora maromaro mifangaro ho fanampin-tsakafo. Misy ohatra vitsivitsy ireto amin'ny tabilao ireto:

Ireo akora fampiasa sy ireo fomba fanakambanana azy.		
Sokajy	Akora	Praoteina % (lanjany)
<b>A</b>	- Taoritao na saozaha - Taoritao na voanjo	42 à 46 50
<b>B</b>	- Tsaramaso maina nampangotrahana - Taoritao « palmier » - Taoritao na landihazo	18 15 à 19 41
<b>C</b>	- Vovo-katsaka, vary, ampemba - Ampombom-katsaka, vary, ampemba	7 9
<b>D</b>	- mangahazo maina - vomanga maina	2 2
Ireo afaka miaraka : 4 amin'ny sokajy <b>C</b> + 1 amin'ny sokajy <b>A</b> (na 80% amin'ny <b>C</b> + 20% amin'ny <b>A</b> ) 3 amin'ny sokajy <b>C</b> + 2 amin'ny sokajy <b>B</b> 2 amin'ny sokajy <b>D</b> + 2 amin'ny sokajy <b>B</b> + 1 amin'ny sokajy <b>A</b>		

Fiaviany : Fielding, 1993

### 3.2. Fiompiana mampidi-bola

Ampiasaina ny sakafo mifangaro

Raha maro ny ny bitro vavy ompiana (mihoatra ny folo) dia omena sakafo mifangaro maro ny bitro na provandy sy bozaka kely ho fanampiny raha ilaina. Miova araka ny taonany sy ny fotoana famokarany ny sakafony isan'andro :

- bitro lahy afaka manaraka : 120 g – 150 g isan'andro araka ny karazany sy ny hafanana.
- Bitro vavy : 120 – 350 g isan'andro araka ny toe-tenany (tsy bevohoka, bevohoka, mampinono na sady bevohoka no mampinono).
- Bitro vavy avy niteraka bitro 6 – 7 izay efatra herinandro : 600 – 700 g
- Bitro lahy atavezina : 100 – 120 g eo ho eo isan'andro



## IV. NY TRANONY

Azo atao tsara ny miompy ny bitro na avela hiladina an-tany ny bitro na atao anaty talatalana misy tongony. Fa raha miladina an-tany no atao dia tsy maintsy asiana zavatra azony hialofana sy hiaro azy amin'ny andro ratsy.




Raha talatalana na « clapier »ny tranom-bitro dia toy izao ny momba azy :

- Amin'ny atoniny ny habeny ary miefitra maromaro makarakara amin'ny hazo na bararata na “grillage na hazo tsotra. Ny fanambany “grillage” dia makarakara afaka manary rano.




- Ny haben'ny efatra tsirairay dia toy izao ho an'ny bitro afaka manaraka sy bitro tanora efatra : 1 metatra tora-droa ho an'ny karazany lehibe, 0,80 metatra tora-droa (m<sup>2</sup>) ho an'ny karazany atoniny, 0,6 metatra tora-droa ho an'ny karazany kely.

- Ahavony 55 santimetatra (sm) fara-fahakeliny mba ahafahan'ny bitro mitraka, Mila toerana “boîte à nid” izay azon'ny bitro vavy bevohoka hidirana, hivoahana sy hiterahana. Toy ny tavy vita amin'ny tanimanga izy io ka 45 sm ny halavany, 30 sm ny sakany ary 30 sm ny ahavony amin'ny alalan'ny varavarana efa-joro mirefy 18 sm ny sakany ary manana hidiny mora misokatra sy mikatona no hivoahany.



Tsy maintsy misy zavatra amin'ny hazo na bararata fasiana vilona “râtelier” sy zavatra fisitroany rano “abreuvoir” ary zavatra asiana ireo sakafo malemy izay fantsihana ao anatin'ny tranony mba tsy ho azony ahilana ka hahavery ny sakafony.



**Toy ireto ambany ireto ireo karazana fitoerany izay vita amin'ny hazo, bararata, makarakara**



## **V. NY FAHASALAMANY**

Maro ireo aretina mety mahazo ny bitro. Ao ny aretin-kibo tsotra, ny mivalana, ny kankana "oxyure" sy "cysticercose" ary "coccidioses", aretina amin'ny lalan-drivotra toy ny "coryza" sy ponemonia, ny tsimokaretina toy ny "VHD" na "maladie virale hemorrhagique" sy ny "myxomatose", ny aretina ety ivelany toy ny lagaly ary ireo aretina azo amin'ny fananan-janaka sy fiterahana. Raha sendra misy tsy fahasalamany dia antsoina ny veterinerana. Nefa aleo misoroka toy izay mitsabo aretina : amin'ny « coccidiose » dia misy « sulfamides » tena mandaitra amin'ny fiarovana, tsara raha omena odin-kankana matetika izy ireo. Tsy dia tsara loatra ny mihinana tafahoatra « antibiotiques ». Ny vaksiny no fanefitra voalohany amin'ny aretina. Tsy atao vaksiny amin'ny VHD sy ny « myxomatose » anefa ny bitro raha tsy efa misy voa ao. Tokony ho tandrovana tsara ny fahasalaman'ny bitro. Mitaky fahadiovana izany. Diovina matetika ny tranony, ny efitrefitra misy azy, amainina amin'ny masoandro ary rarahana fanafody mamono mikraoba. Alohan'ny fanomezana sakafony sy rano isan'andro dia diovina tsara ny fitoeran-tsakafony.

## **BIBLIOGRAFIA**

Ministère de la Coopération.- Mémento de l'Agronome.- 4<sup>e</sup> éd.- Ministère de la Coopération, 1993.-1635.- ISSN : 0336-3058 ISBN 2-11-087348-5

Fiompiana Bitro.- In : Ireo Tantsaha vaovao n° 166, p.5.- Desambra 2007

Cirad-Gret.- Mémento de l'agronome.- 2002.-. 1691 p.

<http://www.cuniculture.info/Docs/Elevage/Tropic-03-Chap1.htm>